NY BAIBOLY
sy ny fanompoana fanahy hafa

NY BAIBOLY
sy ny fanompoana fanahy hafa

Bibles et **P**ublications **C**hrétiennes
30, rue Châteauvert BP 335 F-26003 Valence cedex

Imprimé en France

Fizahan-takila >

ISBN : 978-2-87907-351-4
La Bible et l' occultisme

Ny baiboly sy ny fanompoana fanahy hafa **5**
Ny niandohany **7**
Ny tanjony **8**
Ireo tetikadiny **8**
1. Ny fanompoan-tsampy 9
2. Ny famantarana ny hoavy 9
3. Ny fanova-maso, na majia 10
4. Ny fiantsoana fanahy 10
5. Ireo fombafomba « ara-panahy » isan-karazany 10

Ahoana hoy ny baiboly ? **12**
Fampitandremana **16**
Famelan-keloka sy fanafahana **17**
Ho famaranana **20**

NY BAIBOLY SY NY FANOMPOANA FANAHY HAFA

« *Andriamanitra dia fitiavana* », hoy ny Baiboly. Izany no hafatra nosoratan'Andriamanitra ho an'ny olombelona rehetra. Nasehon' Andriamanitra antsika izany fitiavany izany tamin'ny nanirahany ny Zanany lahitokana teto amin'izao tontolo izao. Maty nisolo voina antsika teo amin'ny hazofijaliana io Zanany io, dia isika izay nanamavo sy nanevateva an'Andriamanitra, noho ny fahotantsika.

« *Andriamanitra dia mazava, ary tsy misy haizina akory ao aminy... Fa raha mandeha eo amin'ny mazava isika... ny ran'i Jesoa Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra* »[1].

Afaka ny hitoky tanteraka aminy isika amin'ny famelana ny helotsika, noho izany teny izany. Afaka ny hatoky ny fahazoana ny fiainana mandrakizay omeny an'izay rehetra mino Azy isika, ary afaka hanana ny hery ampy hiainana ny toe-panahy araka an'Andriamanitra.

Etsy an-daniny kosa anefa, tsy tokony hiray tsikombakomba amin'ny mpandainga sy ny mpamitaka isika. Mila mitandrina isika amin'izy

---

1. 1 Jaona 1. 5-7

ireny! Loza mitatao ho an'izay manatona azy ireny olona ireny.

Mahagaga anefa fa toa katsahina fatratra ny hisakaiza sy hifampiraharaha amin'ilay **mpanjakan'ny lainga sy mpamitaka**. Miseho amin'ny endrika maha te ho tia amin'ny eo ivelany mantsy izy... miseho ho mpanao soa. Manome toky an'ireo manaiky ho mpomba azy izy, amin'ny alalan'ny fanatonana an'ireo « mpiasany », fa afaka ny hanome azy fahefana isan-karazany, fahasambarana, vola, fitiavana, fiadanana, hery, fahasalamana,... Manana traikefa goavana amin'ny famitahana izy, i **Satana** no anarany, ny **devoly**.

Milaza amintsika ny Baiboly, izay Tenin' Andriamanitra, fa i Satana dia « *mpamono olona hatramin'ny voalohany... Raha mandainga izy dia ny azy no lazainy satria mpandainga izy sady rain'ny lainga* »[2]. Mbola ambaran'ny Baiboly ihany koa fa izy no atao hoe « *devoly sy Satana izay mamitaka izao tontolo izao* »[3], « *mampiova ny endriny tahaka ny anjelin'ny mazava izy* »[4]. Ratsy fanahy sy mpamono olona i Satana ka mitarika an'izay rehetra azony fitahina ho lavitra an'Andriamanitra, mba hiaina mandrakariva, toa

---

2. Jaona 8. 44 • **3.** Apokalypsy 12. 9 • **4.** 2 Korintiana 11. 14 sy 15

azy koa, eo ambany ozon'Andriamanitra mandrakizay.

Izy no « *andrianan'izao tontolo izao* »[5], ary karazan-drafitra maro no eo ambany fifehezany : ireo fanompoan-tsampy miseho amin'ny endrika samihafa, fahita ety ambonin'ny tany (Asa 19. 19). Manintona tokoa ny zavatra arosony, ary toa tsy hita izay maharatsy azy. Fandrika ihany anefa izy ireny. Fandrika mandoza hamatorany ny olona. Ary fandrika mahomby tokoa satria tsy mihanjahanja fa longoa mitoto-bozaka. Aoka tsy hohadinointsika mihitsy fa **raindahiny amin'ny famitahana i Satana !**

NY NIANDOHANY

Tsy Satana lozabe tahaka izao ahitantsika azy ankehitriny izao akory no noarîn'Andriamanitra. Noarîny ho Arikanjely « tonga lafatra », nitovy endrika tamin'ny « zanaky ny mazava » izy. **Ny avonavony no nampanota azy,** tamin'ny namisavisany tao am-pony hoe : « *Any an-danitra no hiakarako, any ambonin'ny kintan' Andriamanitra no hanandratako ny seza fiandrianako ; … Hiakatra ho any ambonin'ny rahona aho ka ho tahaka ny Avo indrindra* »[6].

---

5. Jaona 12. 31 • **6.** Isaia 14. 13, 14

Nitarika anjely marobe homba azy izy, rehefa nitsangana hanohitra an'Andriamanitra toy izany, ka ireny no tonga anjely lavo, tonga demony.

NY TANJONY

Manana tanjona azy manokana i Satana : ny hisolo toerana an'Andriamanitra, amin'ny alalan'ny famaboana miandalana an'izao tontolo izao handray ny foto-pisainany. Tsy tiany ny haneken'ny olona an'i Jesoa Kristy ho Tompo sy ho Mpamonjy ; tsy tiany ny hanajan'ny olona an'Andriamanitra. Satriny ho izy no homem-boninahitra, eny, hiankohofana mihitsy aza ![7]. Tsy izy anefa no Andriamanitra, anisan'ny **voary noarîna** ihany izy, anjely lavo. Ny harian' Andriamanitra any amin'ny helo no ho anjarany.

IREO TETIKADINY

Antsoin'Andriamanitra hoe « fanaovana ody »[8] ny fanompoana ny herin'ny maizina. Raisin' Andriamanitra ho toy ny olona manaiky ny fahefàn'i Satana, sy manolo-tena ho azy, izay rehetra liana amin'io fomba fanompoana iray io, na manatanteraka izany. Maro no efa voafitany,

---

7. vakio ny Lioka 4. 7 • **8.** Asa 19. 19

ary manana mpiara-miasa, na mpanompo, be dia be izy maneran-tany.

1. Ny fanompoan-tsampy
Fitaovana ampiasain'i Satana fotsiny ihany ireo sampy isan-karazany, toy ny sampy vita amin'ny hazo, ny vita amin'ny vato, mbamin'ireo kisarisarin'andriamanitra sy endrika fanahy isan-karazany. Miafina ao ambadik'izy ireny i Satana sy ny anjeliny. Manery an-kolaka ny olona mivavaka amin'ireny sampy ireny hanompo azy izy, amin'ny alalan'ny fanateran'ireo olona ireo sorona sy fanatitra noho ny tahotra ny fahafatesana[9]. Anisan'ny sampy mahatonga ny olona ho lasa andevon'i Satana ihany koa ireo filàna maro, toy ny fitiavam-bola[10].

2. Ny famantarana ny hoavy
Hetsika ara-panahy avy amin'i Satana avokoa ny famantarana ny hoavy rehetra amin'ny alalan'ny mpisikidy, mpahita, mpanao fankatoavana, ny fanandroana, ny fanarahana ny zotran'ireo planeta sy ny volana, ny famakiana an'ireo soritra amin'ny tanana, ny filalaovan-karatra, mbamin'ireo endrika maro hafa hisehoany.

---

9. vakio ny 1 Korintiana 10. 20 sy ny Hebreo 2. 15 • **10.** Kolosiana 3. 5

3. Ny fanova-maso, na majia
Mpiara-miasa amin'ny devoly avokoa ireo rehetra mpanao majia, na mahatsiaro saina izy na tsia. Afaka manasitrana na mampaharary olona izy, amin'ny alalan'ny hery miafina sy ny teny majika. Izany ihany koa no entiny manisy soa na manozona olona. Asiany fanononana ny anaran'Andriamanitra ao amin'ireo teny majika sasantsasany, mba hampahomby kokoa ny fitaka ataony.

4. Ny fiantsoana fanahy
Mihambo ho miserasera amin'ny « fanahin'ireo maty », ireo olona manambara ny tenany ho mpanalalana ny maty sy ny velona - ireo lazaina fa fanahin'ny maty ireo, raha ny tena marina, dia tsy inona fa demonia mitonona ho fanahin'olona efa maty. Ataony izay hinoan'ny olona fa mpanelanelana ny velona sy ny fanahin'ireo efa maty izy. Ny mpiantso fanahy, araka izany, dia manana fifandraisana mivantana amin'ny demonia (fanahin-devoly).

5. Ireo fombafomba « ara-panahy » isan-karazany
Marobe ny zavatra ataon'ny olona izay mahatonga ny sainy halemy, ka mampivoha midanadana ny varavarana hidiran'ny devoly hifehy azy tanteraka. Tafiditra ao anatin'izany ny

fampatorian-tsaina amin'ny alalan'ny fifantohana amina hery anankiray, ny fibaikoana olona amin'ny alalan'ny maso, ny zava-mahadomelina, ny tromba, ny fanaingana fanahy hivoaka ny tenan'ny olona, eny fa ny karaza-mozika sasantsasany aza. I Satana no lasa mpibaiko sy mpifehy azy. Vokany, na inona na inona ataon'io olona io aty aoriana, dia fanomezam-boninahitra an'i Satana avokoa. Mahazo laza ny devoly amin'izay fotoana izay. Hanano sarotra tokoa io olona io vao ho afa-manatona ny Tompo, ho sarotra aminy ny hiaiky heloka sy hibebaka, indrindra moa fa ny hoe hanaiky an' Andriamanitra ho Tompony sy ho Mpamonjy azy. Ny Tompo irery ihany no hany afaka hanafaka azy amin'io fanahin'ny demonia mahazo laka ao anatiny io.

Moa tsy mampalahelo ve ny mahita fa maro amin'ireo olona efa mahafantatra ny loza hihatra aminy, raha mirotsaka ao anatin'izany izy, no mbola minia manolotra ny tenany ihany ho eo ambany fitsaràn'Andriamanitra ? Izany no ataony noho ny fitiavana hanan-kery vetivety eo, noho ny andrankandrana, noho ny fahafinaretana, noho ny fitiavana handray fampitoniana mihelina ihany, izay avy amin'ny devoly, ilay raindahiny sy efa zatra ady amin'ny fandaingana.

Na iza na iza milaza ho mahalala an'ilay Andriamanitra marina sy matahotra Azy, dia tokony hankatò ny Teniny (ny Baiboly), ary tokony handositra ny herin'ny maizina sy ny fanompoantsampy.

AHOANA HOY NY BAIBOLY ?

Avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra ny Baiboly. Solontenan'Andriamanitra miteny amintsika izy. Izy no hany milaza amintsika ny tena fahamarinana. Miteny araka ny fahefàn' Andriamanitra izy, noho izany, raha milaza ny heviny ny amin'ity lohahevitra iray ity.

Eken'ny Baiboly ny fisian'ireo hery hafa tsy avy amin'Andriamanitra. Raràny mafy anefa ny fandehanana hitady vonjy amin'ireny karazankery ireny, satria fantany fa avy amin'i Satana, avy amin'ilay devoly fahavalon'Andriamanitra sy ny olona, izany hery izany. Milaza mazava ny Baiboly manao hoe : « *Aoka tsy hisy eo aminao... mpanao fankatovana, na mpanandro na mpisikidy, na manao ho masim-bava, na mpanana ody, na mpanadina amin'ny manao azy ho tsindrianjavatra, na mpanao hatsarana, na mpanontany amin'ny maty. Fa fahavetavetana eo imason'i Jehovah izay manao izany* »[11] .

11. Deoteronomia 18. 10-12

Mba hanambaràna ny maha tompon'andraikitra feno an'izay rehetra manao izany zavatra izany, dia hoy indrindra ny lalàn' i Mosesy : « *Ary na lehilahy na vehivavy izay manao azy ho tsindrian-javatra na mpanao hatsarana dia hatao maty tokoa... ny rany dia ho aminy ihany* »[12]. Tsy mamono eo no ho eo an'izay manota aminy amin'izany karazam-pahotana izany akory Andriamanitra, satria « *mahari-po Izy... tsy sitrany hisy ho very na dia iray aza* ». Mbola manolotra hatrany ny fanafahana amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Zanany Izy. Tsy ihambahambana kosa anefa fa mitarika ho amin'ny fahafatesana sy ny fanamelohana mandrakizay any amin'ny helo io lalan'ny tsy fankatoavana io.

Tsy ho afa-bela akory ireo fatra-panatona an'ireny olona mpifandray amin'ny herin'ny maizina ireny. Voalaza fa i Saoly mpanjaka dia « *maty tamin'ny nivadihany tamin'i Jehovah, dia noho ny tsy nitandremany ny tenin'i Jehovah, sy noho ny nakany saina tamin'izay nanao azy ho tsindrian-javatra* »[13]. Ndeha hotononintsika ihany koa ity andinin-tSoratra Masina ao amin'ny Levitikosy 20. 6 ity : « *Ary ny olona izay mivily hanaraka izay manao azy ho tsindrian-javatra na izay mpanao hatsarana, hijangajanga hanaraka*

12. Levitikosy 20. 27 • **13.** 1 Tantara 10. 13

azy,... dia hanandrina izany olona izany ny Tavako, ka hofongorako, tsy ho amin'ny fireneny izy».

Aoka hotsarovantsika izay nahatran'i Satana tamin'ny Tompo Jesoa, fony tonga nonina tety amintsika Izy. Notambazany ho Azy ny fahefana amin'ny fanjakana rehetra ambonin'ny tany, raha manaiky ny hiankohoka eo anatrehany sy hanaja azy Izy. Saingy, fantatry ny Tompo Jesoa fa ilay anjely lavo, izay anisan'ny voary noarîna ihany, io manoloana Azy io. Fantany fa ilay mpandainga sady rain'ny lainga io. Noho izany, nivantana ny valinteniny: «*Mandehana ianao ry Satana, fa voasoratra hoe: Jehovah Andriamanitrao no hiankohofanao, ary Izy irery ihany no hotompoinao*»[14]. Endrika fankatoavana fara tampony izay tian'i Satana hataon'ny olona aminy, mba hahatonga ireto farany hiankin-doha tanteraka aminy, ny fiankohofana aminy. Rehefa mankatò azy ny olona ka miankin-doha tanteraka aminy, dia fatorany amin'izay mba ho tonga andevony!

Tsy mahalala an'izany atao hoe fitiavana izany ny devoly. Izany fitiavana izany anefa no tena ilaintsika. Hoy indrindra ny Baiboly: «*Andriamanitra dia fitiavana*»[15]; ambarany ihany koa fa: «*mpandainga sy mpamono olona*» ny devoly. Tia antsika Andriamanitra. Noporofoiny

14. Matio 4. 10 • **15.** 1 Jaona 4. 8

izany fitiavany izany tamin'ny nanirahany ny Zananilahy, Ilay Malalany, dia i Jesoa Kristy, teto amin'ity izao tontolo izao mpikomy tamin' Andriamanitra sy nilona tao anaty fahotana ity. Ny olona kosa anefa nanombo Azy teo amin'ny hazofijaliana, rehefa nohetsehin'ny devoly sy notarihiny.

Tsy nanohitra an'ireo olona nitsangan-ko fahavalony ireo i Jesoa Kristy Zanak' Andriamanitra, satria **Andriamanitra dia fitiavana**. Tsy nofongorany ny fahavalony na dia manam-pahefana hanao izany aza Izy. **Fitiavana** no nanekeny ho faty teo amin'ny hazofijaliana, hisolo vaika ny helok'ireo rehetra mino Azy. Koa satria efa nisolo voina antsika i Kristy, dia **mahitsy sy marina Andriamanitra** raha manolotra ho antsika ny famelan-keloka. Omeny maimaim-poana ny rehetra izany famelan-keloka izany. Ho voavela heloka avokoa na iza na iza manaiky ny Tompo Jesoa, ka mino sy mibebaka amin'ny fahotany. « *Nomena hery ho tonga zanak' Andriamanitra* » izy ireny[16]. Izany no anehoan'Andriamanitra ny fahasoavany sy ny fahamarinany ! Moa tsy mifanipaka tanteraka amin'ny haratsiam-panahin'ny devoly sy ny laingany ve izany ?

---

16. Jaona 1. 12

FAMPITANDREMANA

Raindahiny amin'ny famitahana ny olona i Satana sy ny tafiky ny demonia. « *Mampianiana anareo eo anatrehan'ny Tompo sy Kristy Jesoa izay hitsara ny velona sy ny maty* » izahay, mba tsy hihaino na hanaraka an'ireo fandaharan'ny fampielezam-peo, na ny fandaharan'ny fahitalavitra, izay miresaka ny herin'ny maizina. Toy ny sakafo voapoizina ireny ka manimba ny fanahin'izay rehetra mihaino, na mijery, izany. Mila mandositra ny fakàmpanahy isika, satria mahery lavitra noho isika ny devoly. Tsy misy mpino afaka hiandrandra ny fanampian' Andriamanitra amin'ny fandresena ny fakàmpanahy, raha an-tsitrapo na andrankandrana no nanekeny an'ireo fanaon'ny devoly ireo.

Mampanantena zavatra maro ny devoly, kanefa dia mamitaka hatrany izy. Hiara-hizara aminy ny anjara ratsiny ianao rahatrizay raha mihaino ny feony. Afeniny aminao io zavatra hiseho aorian'ny fahafatesana io. Hilaza aminao Andriamanitra, rehefa ho avy ilay andro fitsarana, hoe : Tsy nankatò Ahy ianareo fa nankatò ny devoly, nanompo azy ianareo, noho izany : « *Mialà amiko ianareo izay voaozona, ho any amin'ny afo maharitra mandrakizay, izay voavoatra ho an'ny devoly sy ny anjeliny* »[17], ary koa : « *Fa ny osa sy ny*

17. Matio 25. 41

tsy mino sy ny vetaveta sy ny mpamono olona sy ny mpijangajanga sy ny mpanao ody ratsy sy ny mpanompo sampy ary ny mpandainga rehetra dia hanana ny anjarany ao anatin'ny farihy mirehitra afo sy solifara ; izany no fahafatesana faharoa »[18].

FAMELAN-KELOKA SY FANAFAHANA

Mbola mivesatra ny fahotanao ihany ianao, raha tsy mety mino ny Tompo Jesoa Kristy. Fahotana mihantsy mandrakariva ny fahatezeran' Andriamanitra izany, ary mendrika ny fitsaràny. Mikiakiaha amin'Andriamanitra hoe, toy ny nataon'ilay lehilahy anankiray voalaza ao amin'ny Lioka 18 raha nivavaka izy : « *Andriamanitra ô, mamindrà fo amiko mpanota !* »[19], dia hamela anao miaraka amin'izay Izy, satria efa maty noho ny helokao i Kristy. Raha eo ambany vahohon'ny hery ara-panahy tsy azonao ihodivirana ianao, ny Tompo Jesoa irery ihany no manana ny hery sy ny fahefana rehetra hanafahana anao amin'izany. Miantsoa Azy, ary aza mitsahatra. Aza matahotra ny hanatona mpino hafa, ka hiaiky amin'izy ireo ny zava-manjò anao. Hivavaka sy hifady hanina ho anao izy ireo. Hanome anao fanafahana feno ny Tompo. Tsy maintsy manadio ny tranonao

18. Apokalypsy 21. 8 • **19.** Lioka 18. 13

ihany koa anefa ianao, toy izay nataon'ny Tompo tamin'ny fonao. Hanome hery anao Izy handoroanao ny boky, ny ody, ny sikidy, mbamin'izay rehetra mampahatsiahy anao ny fanao ratsin'ny maizina sy ny fanompoan-tsampy[20].

Mila mahatsiaro mandrakariva ianao, raha mpino marina tokoa, fa efa resy i Satana. Efa resy izy tamin'ny alalan'ilay asa vita indray mandeha tsy miverina notanterahin'ny Tompo Jesoa teo amin'ny hazofijaliana[21]. Saingy, hanao izay fara heriny izy mba hampianjera anao indray ao amin'ny fanompoana ny herin'ny maizina. Voasoratra ao amin'ny Korintiana voalohany toko faha-10, and. 21-22 fa : « *Tsy mahazo misotro amin'ny kapoaky ny demonia sy ny kapoaky ny Tompo ianareo ; tsy mahazo mihinana amin'ny latabatry ny Tompo sy ny latabatry ny demonia ianareo. Mampahasaro-piaro ny Tompo va isika ? Mahery noho Izy va isika ?* » Fanalam-baraka ny Tompo, no sady fivarinana lehibe ho anao izany, raha efa niseho teo aminao ! Mila miaiky ny fahotanao amin'Andriamanitra ianao. Eken' Andriamanitra avokoa ny **fiaikena amin'ny fo tsotra sy mahitsy.** Hiverina amin'ny laoniny ny fiombonanao Aminy amin'izay fotoana izay[22].

---

20. Asa 19. 18-20 • **21.** Hebreo 2. 14 • **22.** 1 Jaona 1. 9

Amin'ny tranga sasany, indrindra fa ny mahakasika ny fifandraisana amin'ny herin'ny maizina, dia ilaina ny fiaikenao ny fahotanao amin'ireo rahalahy ho fanafahana anao : hivavaka manokana ho anao, sy miaraka aminao, ho amin'ny fanafahana anao tanteraka izy ireo.

Esory sy andosiro avokoa izay rehetra mety ho « *fanaovana ody* ». Nandoro ampahibemaso an'ireo boky fanaovana hatsarana nananany ireo Efesiana rehefa niala tamin'ny sampy ho amin'Andriamanitra[23], ho fijoroany vavolombelona ny amin'ny fahafahany, sy mba tsy hahalatsaka azy amin'ny fakàmpanahy hamerina izany indray : ohatra faka tahaka izany.

23. vakio ny Asa 19. 19

HO FAMARANANA

Andinin-tSoratra Masina telo no hamaranantsika azy :

« Izao no nisehoan'ny Zanak'Andriamanitra dia ny handrava ny asan'ny devoly »[24].

« Farany, mahereza ao amin'ny Tompo sy amin'ny herin'ny faherezany ; tafio avokoa ny fiadian'Andriamanitra, mba hahazoanareo hifahatra amin'ny fanangolen'ny devoly »[25].

« Ka dia maneke an'Andriamanitra ianareo ; ary manohera ny devoly, dia handositra anareo izy »[26].

24. 1 Jaona 3. 8 • **25.** Efesiana 6. 10-11 • **26.** Jakoba 4. 7

Imprimé en France par IMÉAF – 26160 La Bégude de Mazenc
Dépôt légal : 4e trimestre 2007 - N° d'impression 70748